## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa isika rehetra dia samy tsy maintsy ho hita toetra miharihary eo amin'ny fitsaran'i Kristy, mba handraisan'ny olona rehetra izay zavatra nataon'ny tenany, dia araka izay nataony, na tsara na ratsy."*

***II Korintiana 5:10***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro VAOVAO (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

## Covid-19 : vonona ny hatao vaksiny mialoha ny mpanohitra

**Arp Helisoa :** angaha tsy ny mpanohitra indray no ho tsindronina ilay vaksiny voalohany e? Aza mba mandainga kosa e ! Efa vonona ny ho atao vaksiny mialoha izay anie ny mpanohitra e ! aoka hitana ny teniny ny filoha Rajoelina sy ny forongony, fa tsy hivadibadidela lava toa aan'io. Na izany aza, ireo mpitsabo, sy mpiasan'ny fahasalamana rehetra tokoa dia tokony hatao izay vaksiny mialoha amin'ity ady amin'ny coronavirus ity.



**Lalahery Ranaivo :** tsy ny mpanohitra indray ozy teniny no ho tsindronina vaksiny mialoha.

**José Belalahy :** voafainty le !

**Arp Helisoa : José Belalahy :** fitondrana efa zatra mpamitaka zany ny fitondrana Rajoelina.

**Toni Rakotozanakajy : Arp Helisoa :** ny mpanohitra ko, voafitaka ny mpanohitra.

**Andriamanana Ralay Hajavola :** voafatotry ny teniny e! efa misy anie ny vaksiny nahitana vokany @ andrana e!

**Arp Helisoa : Toni Rakotozanakajy :** hahaha !

**Florent Rafila :** za hoah diso fanantenana be mitsy... ny mpitsabo sy ny miaramila ndray hono no hatao vaksiny voalohany.

**Rasolofo Clark :** zahay mpanohitra efa vonona hatao vaksiny voalohany mihitsy, fa toa mivadika indray Rajoelina sy ny forongony e! Nahoana no manao fampanantenana poakaty toy izany foana ity filoha napetraky ny HCC sy ny CENI ity e?

**Randriambahoaka Soanaivo Erik :** ketraka isika, fa ny resaka omaly tsy resaka anio.

**Andriantsoa Ramamonjisoa :** fitondrana blablabl, werawera, sns...

**Ra Luc Olivier :** ny mpanohitra ny mpanohitra no hatao vaksiny voalohany indray e!

**Rado Andrian :** ka ny mpanohitra ny mpanohitra anie ry zareo ozy teniny eee kkkk!

**Ramiandrisoa Erico :** kkkkk !

**Lalaina Ryan :** hita oa.

**Heriniaina Raharison :** tranon-dainga ve ahagaga e! Fa ry vendrana ampiesoniny isan'andro no mbola mahagaga ahy. Indrindra fa ireo be diploma manodidina azy ireo. Sa vola aloha vao vahoaka? Nandraaa !

**Harivel Patrick :** taimbava mipoapoaka! Lay mamerina azy no sarotra, tena mpitondra miteniteny foana mihitsy ilay Rajoelina.

**Manohiarivony Rivo :** ity remarque ty aloha dia ekeko... maika ny hiteny fotsiny t@zany hoe ny mpanohitra no hatao aloha, fa tsy nandinika hoe: tsy maintsy hirosoana anie io e!...

**Odette Lisinirina :** efa rainilainga io Filou Rajoelina io e !

**Pablo Rajaonarivony :** ny ahy aloha rehefa miteny ry zareo mpitondra dia ny mifanohitra izay lazainy no ataoko ao an-tsaina (tsy mafy noho ny pesta sy cholera , ampindrana vola an'i Comores , karazan-javatra lehibe aty Afrika , hitodika aty ny mason'izao tontolo izao , ho voalohany aty Afrika sns... Dia ny mifanohitra amin'ireo zavatra rehetra voalaza ireo no tena zava-misy eto amintsika amin'izao fotoana.

**Nirina Lalao Claude : Arp Helisoa :** an, an ka... mpanohitra ny mpanohitra no hatao vaksiny voalohany ka... hahahahaha!

**Lova Elisah :** miteniteny foana izy iny, tsy menatra akory mbola tsy ampy 1 volana no nilaza devant tout le monde hoe ny mpanohitra no hatao vaksiny voalohany, dia izao dia efa miova ndray, tena tsss!

**Erick Rodilson :** noheveriko ho basket kay foot kinanjo Rugby avy eo , fanina mihintsy aho e! sady hipoitra avy any indray i Sh...... , eisy aho e !

**Berthin Tomboson:** efa zatra mavandy Filou Rajoelina, mbola misy fo olo voafitany. Tsy hanaiky zegny tsony olo jiaby, tong any lera a!

**Clara Ranaivoson:** zahay mianakavy tena mpanohitra pure cent, efa vonona ny hatao vaksiny koa izahay mianakavy, mahery ity aretina ity, mila mitandrina isika aby.

**Grégoire Ratsimialona:** rariny kosa aloha raha ireo mpitsabo sy paramed sy mpiasan'ny fahasalamana no hatao vaksiny voalohany e! na izany aza, manaraka an'ireo tokony hatao ny mpanohitra, tokony hanaja ny teniny Rajoelina, fa tsy hivadika amin'ny teniny toy io foana!

**Be Bruno Jean:** tanteraho ny koragnanao Mr le Président, aleo ny opposition hatao vaccin corona voalohany!

ATHLETISMA

## Nifarana omaly zoma ny Challenge FMA 2021

Nifarana omaly zoma ny fifaninanana athletisma nokarakarain'ny FMA « Fédération Malagasy d'Athlétisme » nandritra ny 2 andro: alakamisy 22 sy zoma 23 aprily 2021, tetsy amin'ny kianja monisipalin'Alarobia, izay natao indrindra hitsapana an'ireo athleta sangany eto Madagasikara. Tamin'ny 22 aprily 2021 dia ny fifaninanana hazakazaka 100 m misy fefy lahy sy vavy, ny Heptathlon, ny viki-miakatra Heptathlon ary ny fanipazana fonjamby Heptathlon ary ny 200 m Heptatholon no notanterahana. Ny zoma 23 aprily 2021 kosa dia ny vikin-dava Heptatholon sy vikin-dava lehilahy, ny hazakazaka 300 m vehivavy, ny 3000 m lehilahy, ny 800 m lehilahy, ny 400 m misy fefy lehilahy, ny 100 m vehivavy, ny fanipazana Javelot Heptathlon, ny 100 m lehilahy, ny 110 m misy fefy lehilahy, ny 400 m vehivavy, ny 400 m lehilahy ary ny 800 m vehivavy sy Heptathlon, no natrehan' ireo mpifaninana. Nisy ny fanoloran'ny orinasa Telma finday ho an'ireo mpandresy tamin'ity fifaninanana ity. Marihana kosa fa Photo finish vaovao no nampiasain'ny FMA tamin'ity fifaninanana ity.



*Fifaninanana Challenge FMA 2021 teny Alarobia.*

***Rainilita***

Rugby vehivavy : Ladies Makis 7s

## Fantaro ny lisitr'ireo hiatrika ny TQO any Monaco

Miatrika fampivondronana manokana "Stage bloqué" etsy amin'ny kianja MakisAndohapatenaka ny ekipam-pirenena vehivavy : Ladies Makis 7s, miaraka amin'ireo mpanazatra sy « préparateur physique » azy ireo. Hiondrana ho atsy Tunisie afaka fotoana fohy izy ireo hanatanteraka « stage de préparation », mialohan'ny hiatrehany ny TQO « Tournoi de Qualification Olympique » any Monaco.

***Rainilita***




*Izy 14 mirahavavy mandrafitra ny Ladies Makis 7s.*

Rugby "repêchage Gold Top 20"

## Ny Tam Anosibe sy Fta Andavamamba no tafita

Taorianan'ny fifaninanana rugby farany tamin'ny "tournoi de repêchage" hahazoana miatrika ny Gold Top 20 2021, ka nahazoana ny vokatra : TAM Anosibe (70)-(16)VTMA Antsahalovana; FTA Andavamamba (26)-(16) USIkopa Andohatapenaka, dia fantatra fa ny ekipan'ny TAM Anosibe sy ny Fta Andavamamba no tafita hanampy an'ireo ekipa hiatrika an'izany fifaninanana Gold Top 20 2021 izany.

***Rainilita***



*Ny TAM Anosibe teny amin'ny kianja Makis.*